Rajoelina sy ny forongony 2
**Miezaka mampanjaka ny faharatsiana eto amin'ny firenena**

Mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena 2
**Miantso fifampidinihana am-pilaminana eto amintsika**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 11 novambra 2023 Laharana 1494 Vidiny : 600 Ar


Governemanta sy Antenimierampirenena 2

**Tsy namaly ny depiote ny MDN, ny Ministry ny Fitsarana, ny atitany, ny polisy ary ny SEG**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny FFKM 2

## Haato ny zotram-pifidianana eto amintsika fa tsy milamina



Ravalo, kandidà, depiote, olom-boafidy, fianakaviana,... 3

## Avoahay depiote Fetra tsy ara-dalàna ny fitazonana azy






Krizy eto amin'ny firenena 3

## Mizotra amin'ny dinika an-databatra boribory



Misaona ny Antenimierampirenena 3

## Nodimandry ny depioten' i Faratsiho Papasolo



Lalampirenena faha-4 7

**Kamiao mpitondra omby nivadika**

Peace Corps Amerikana 6

**Nanao fianianana ny andiana mpilatsaka an-tsitrapo vaovao**

**Daka kely**

Aleo halam-bazaha toy izay halam-bahoaka leitsy ry Boaikely a !

**FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA SY NY FFKM**

# Tokony haato ny zotram-pifidianana eto amintsika fa tsy milamina

Tokony hatsahatra ny zotram-pifidianana eto amintsika, na ny processus electoral, fa tsy milamina, anisan'ny nisongadina izany tamin'ny fehin-kevitry ny fihaonana ikatsaham-bahaolana momba ny raharaham-pirenena eto amintsika, nokarakarain'ny filohan'ny Antenimierampirenena (PAN) Razanamahasoa Christine, sy ireo filoham-piangonana ao amin'ny FFKM, na ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara teny Tsimbazaza afak' omaly ary nitohy omaly. Arak'izany fanambarana izany:"manoloana ny toedraharaha eto amin'ny firenena, rehefa nihaino ny rehetra sy mahita ny zava-misy dia manao izao fanambarana izao ny vovonana ho amin'ny fifampidinihana sy ny fanelanelanana PAN-FFKM:

1)Tsy azo odian-tsy hita fa misedra zava-tsarotra ny zotram-pifidianana ankehitriny ary misy fiantraikany amin'ny fiainam-pirenena izany trangan-javatra izany.

2)Manameloka amin'ny herinay rehetra sy ny fonay, ny fampiasan-kery tafahoatra amin'ny vahoaka, izay tsy fahavalo fa mpiray tanindrazana.

3) Manameloka ny fampihorohoroana sy ny fampitahorana ary ny fisamborana tsy ara-dalàna.

4)Mahatsapa ihany koa fa tsy mbola tomombana ny fepetra rehetra hirosoana amin'ny fifidianana madio, mangarahara, milamina, ary eken'ny rehetra.



*Ireo anisan'ny nitarika ny fihaonana notarihan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny FFKM.*

5) Manamafy ny antso nataon-dRamatoa filohan'ny Antenimierampirenena amin'ny vondrona iraisam-pirenena, mba tsy hialangalana fotsiny, fa handray ny andraikitra manandrify azy ireo.

6) Manameloka ny fisamborana ny solombavambahoaka izay filohan'ny vondrona parlemantera iray, mandritra ny fotoampivoriana ara-potoana, ka tsy nandalo teo anivon'ny birao maharitry ny Antenimierampirenena.

7)Miantso ny fifanakalozan-kevitra sy dinika eo amin'ny mpiantsehatra rehetra amin'ny fifidianana.

Maneho ny mbola fahavononana ny vovonana hanohy ny ezaka hisian'ny fitoniana sy ny tsy hisian'ny korontana ateraky ny disadisa nohon'ny zotram-pifidianana tsy tomombana eto amin'ny firenena.

Noho ireo voalaza rehetra eo ambony ireo, ny vovonana ho amin'ny fifampidinihana sy fanelanelanana dia

1-Manamafy fa ny fepetra takiana sy ilaina amin'ny fifidianana mifanaraka amin'ny lalàna, ny mangarahara, andraisan'ny rehetra anjara ary eken'ny rehetra, manaja ihany koa ny fenitra iraisam-pirenena, dia tsy feno ankehitriny, mba hahafahana miroso amin'ny fifidianana ho filoham-pirenena amin'ny 16 Novambra 2023.

2) Manambara fa tokony haato ny zotram-pifidianana na "suspension du processus électoral" ary tokony hamerina hamaritra ny fampiharana ny zotram-pifidianana, mba hifanaraka amin'ny lamina iraisam-pirenena araka ny torolalana napetraky ny SADC sy ny Vondrona Eoropena, sy ny fitsirihana ny lisi-pifidianana na "audit du fichier électoral ".

3)Miantso ny fampiatoana ny fampielezan-kevitra rehetra sy ny fidinana andalambe manomboka izao, mba hahafahana miroso am-pilaminana amin' ny fitadiavana ny vahaolana ankatoavin'ny rehetra.

4) Mampahatsiahy fa adidy tsy azo ihodivirana ny fampiharana ara-bakiteny ny lalàmpanorenana sy ny lalàna velona, indrindra ny rijan-dalàna mifehy ny fifidianana na ny "Code électoral".

5)Miantso ny mpitandro filaminana hanao ny asany ara-pamendrehana sy amin'ny fanajàna tanteraka ny ara-dalàna.Handray fepetra araka ny tokony ho izy, sy mifanaraka amin'ny tanjona amin'ny fitandroana ny filaminam-bahoaka.

6) Miantso ireo tompon' andraiki-panjakana isantokony mba hampanankery izao fanambarana izao.

Aoka mba hitondra ambavaka hatrany ny firenena isika rehetra

Miantso sy manasa antsika herivelona rehetra, mpisehatra politika, fiarahamonim-pirenena , tanora, vehivavy, ny raiamandreny ara-drazana , ny tafika, ny silamo, sns… izay vonona hifanome tanana amin'ny fikatsahana hampisy ny fahamarinana sy ny fitoniana eto amin'ny firenentsika, ary manasa anareo kandida ho filohampirenena 13 mirahalahy ho tonga hanatrika ny fihaonambe izay hataontsika ny zoma 10 Novambra 2023 amin'ny 9ora maraina, miandry izay sosokevitra avy amintsika , raisina daholo izay sosokevitra rehetra ka ambara rehefa mifarana ny fotoana.''

***Nangonin'Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Rajoelina sy ny forongony

# Miezaka mampanjaka ny faharatsiana eto amin'ny firenena

Miharihary tsara izao ny finiavan'ireo olom-bitsy mampiditra ny firenena ao anaty fifidianana maloto, ka handentehana ny fahamarinana tsy hipoitra intsony. Ireo mpiara-dia amin-dRajoelina no miezaka mampanjaka ny faharatsiana eto amin'ny firenena izao. Miharihary ny fiketrehana ny hampiadiana ny samy Malagasy, ka hanakaramana olom-bitsy matimbola hanakorontana ny hetsika fotsy hihetraketraka amin'ireo Malagasy mpiray tanindrazana aminy. Ary hatramin'ny olona tokony hiaro vahoaka aza no tsy miahotra intsony mamono vahoaka, tsy misy afa-tsy tanam-polo ary manao hetsika am-pilaminana. Miharihary ny tsy firahirahiana sy tsy fivakiana loha intsony ny lalàna samihafa sy ireny fanazimbazimbana tanteraka ny olom-boafidin'ny vahoaka ireny, izay midika tsotra izao ho tsy firahirahiana velively ny hasin'ny vahoaka malagasy intsony. Izany hoe ny sary tian'izy ireo aseho, ireto mpanao zinona ny vahoaka malagasy ireto, dia izy ireo eo ambony, ambonin'ny lalàna rehetra, ary ny Malagasy eo ambaniny, ary ambanin'ny lalàna izay tiany atao. Tsy rariny sy tsy hitsiny ary tsy fahamarinana tanteraka izany. Tsy atao hahagaga raha toa ka vaky volana mihitsy ary niaka-peo ny filohan'ny Transparency international, nilaza fa " tsy vanona" ireo olona ireo.

Hoan'ny olom-pirenena maro anefa dia tsy ampy io teny io, indrindra raha mahita ny habibiana samihafa tao anatin'izay andro maromaro izay, ary anisan'ny nisongadina ny tamin'ny sabotsy 04 novambra sy ny teny Mahamasina farany teo, fa tena tsy valahara sy tsy vaky atatra ireo olona ireo. Dia ireny fiantsoana tody amin'izy ireo sy ireo taranany nataon'ny olompirenena manao hetsika fotsy ireny, toy ny nataon'ilay raim-pianakaviana naratra mafy teny Mahamasina. Dia tsy hisy akony ve izany rehetra izany. Tsy hifarana sy hangina ho azy amin'izao izany, fa tsy maintsy hisy akony amin'izy ireo satria masina ity tanindrazana ity, ary manana ny hasiny ny Malagasy olom-pirenena vanona.

Misy ny fivoriana sy fihaonana ataon'ireo olom-pirenena olo-be manana ny maha izy azy amin'ny toerany eto amin'ity firenena ity tato anatin'ny andro vitsivitsy izao. Ny mahavariana dia mbola misy olona, depiote tgv ihany, sahy manabaty sy manamaivana izany. Dia mbola manamafy ny nambara teo aloha izany. Tsy azo heverina velively ho hahatafarina sy hanandratra ny firenena ny sokajin'olona toy izany, fa ny vahoaka malagasy fotsiny no hifafa ny kihony amin'ny farany. Tsy azo ekena hahazo vahana velively izany ary tsy maintsy sakanana araka izay fomba azo atao rehetra. Soa fa nisy ireto olom-pirenena manao hetsika fotsy ireto, ireo kandidà 10 mitarika ny hetsika fitakiana famerenana ny firenena ho amin'ny tan-dalàna, ary indrindra ireo olo-be miantso ho amin'ny fanelanelana sy fitadiavam-bahaolana amin'izao krizy politika misy eto amin'ny firenena izao.

***Sôh'son***

Governemanta sy Antenimierampirenena

# Tsy namaly ny depiote ny MDN, ny Ministry ny Fitsarana, ny atitany, ny polisy ary ny SEG

Tsy namaly ny depiote ny MDN: ministry ny fiarovam-pirenena, ny Ministry ny Fitsarana, ny atitany, ny polisy ary ny SEG: na ny sekreteram-panjakana misahana ny zandarimariam-pirenena. Nampiantso ireo mpikambana sasantsasany ao anaty Governemanta ny Filohan'ny Vaomieran'ny fanombanana ny politikampanjakana Johasy Raharisoa Eléonore ny 09 novambra teo. Izany dia ho fampiharana ny andininy faha-167 ao amin'ny Fehin-kevitra mikasika ny Fitsipika anatiny mifehy ny Antenimierampirenena, izay milaza fa « ny fomba hafa ampiasain'ny Parlemanta ahafantarany ny asa sahanin'ny Governemanta dia ny fanontaniana am-bava, fanontaniana an-tsoratra, ny fanadinana hentitra, ny fampiasana ny Vaomiera mpanao famotorana ary ny fihainoana amin'ny alàlan'ny Vaomiera. »



*Ireo depiote sasany teny Tsimbazaza ny alakamisy teo.*

Tsy nanohina ny antso ireo minisitra voakasika tamin'izany araka ny nambaran'ny Filohan'ny Vaomiera dia ny minisitry ny fiarovam-pirenena, ny filaminam-bahoaka, ny fitsarana, ny ati-tany ary ny sekreteram-panjakana misahana ny zandarimaria. Raharaham-pirenena no resaka, noho ny tsy fahatongavan'ireo ministra ireo teny Tsimbazaza, tompon-trano mihono ny vahoaka.

***Nangonin'i Stefa***

Mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena

# Miantso fifampidinihana ampilaminana eto amintsika

Miantso fifampidinihana am-pilaminana ireo mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena eto amintsika, manoloana ny olana ara-pifidianana eto amin'ny firenena amin'izao fotoana. Ny mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena, avy amin'ny Firenendehibe, eto Madagasikara, dia manamafy ireo hevi-dehibe tamin'ny fanambarana efa nataony ny alatsinainy 16 oktobra 2023 lasa teo. Miandrandra fifidianana madio, marina sy mangarahara ny Vondrona iraisam-pirenena, ary manameloka ny fampiasana herisetra amin'ny mpanao fihetsiketsehana izy ireo. Maneho ny ahiahiny noho ireo fihetsika feno herisetra nandritra ny andro maromaro izay, niseho teto Antananarivo, ka nitarika faharatrana betsaka, ary maro tamin'izany no nahitana ratra goavana, ka anisan'ny tratran'izany ny mpanao gazety, nisy ihany koa ny fisamborana ny sasantsasany tamin'ny tompon'andraikitra mpanao politika. Manao antso avo amin'ny mpiantsehatra rehetra izy ireo, mba samy ho tony sy hifanaja ary ho afaka ny hifampidinika ampilaminana ary mba tsy hanao teny mandratra sy fihantsiana mety handrehitra afo. Nanao izany fanambarana izany ny avy amin'ny Vondrona Eoropeana, ny Britanika, Soisa, Alemana, Frantsay, Japana, Etazonia, ny OIF ary i Korea.

***Niaina***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Krizy eto amin'ny firenena

# Mizotra amin'ny dinika an-databatra boribory

Miroso any amin'ny fihaonana an-databatra boribory ny famahana ny krizy ara-politika eto amin'ny Firenena. Iaraha-mahalala fa ny fifidianana filoham-pirenena izay kasaina hatao amin'ny 16 novambra 2023 izao no tena miteraka izao krizy izao, tsy hamerina ny olana nandritra ny taona vitsivitsy sy ny antson'ny fikambanana samy hafa sy vondrona politika ary ny Raiamandreny ara-panahy ny hanaovana ny fikaonandoham-pirenena. Amin'izao dimy andro mialohan'ny daty fandatsaham-bato izao dia velom-panantenana indray ny olompirenena Malagasy, fa hisy ihany izany fihaonana an-databatra boribory izay tarihan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM) ary nanasana ireo hery velona rehetra handroso sosokevitra vahaolana hivoahana amin'izao krizy. Efa nanambara ity Vovonana ity, fa "tsy feno ny fepetra" (conditions) hirosoana amin'izany fifidianana izany, ka ny vahaolana dia ny fanemorana izany amin'ny fotoana hifanarahana amin'izany fihaonana an-databatra boribory izany. Raha ny matoan-dahatsoratr'ireo gazety miaradia amin'ny fitondrana dia "tsy araka ny Lalàmpanorenana (extra-constitutionnelle) izao ataon'ny Filohan'ny Antenimierampirenena izao". Manambara koa ny jeneraly misotro ronono "filoham-panjakana" mpisolo toerana, fa tsy maintsy miroso amin'ny fifidianana ny eto Madagasikara. Raha izany no dinihana dia milomano manohitra ny riaka izao fitondrana izao ary manamarina izany ny fitetezan'i Andry Nirina Rajoelina faritra manao fampielezankevitra ary tsy mirahara izany antson'ny Manam-panahy sy Olobe eto amin'ny Firenena izany. Tsapa ihany koa anefa etsy an-kilany fa tsy milefitra intsony ary mijoro hampanjakana ny fahamarinana sy ny demokrasia ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara. Azo lazaina fa jamban'ny fahefana sy ny vola loatra izao fitondrana izao, satria tsy mahita fa tsy mbola nisy teto Madagasikara nandritra ny enimpolo taona sy maneran-tany izany kandidà mpifaninana amin'ny fifidianana Filoham-pirenena miisa folo, ka mivondrona manohitra ny tsy fahatomombanana eo amin'ny fikarakarana ny fifidianana, sy tsy manaiky kandidà vazaha frantsay ho anisan'ny mpifaninana. Tsy azo odian-tsy hita ihany koa ireo gasy manenjika ny Vondron'ny Kandidà 10, ka milaza fa tsy tokony nametraka ny antonta-taratasy maha kandidà azy ary tsy nanao hatsapaka nahazoana laharana ao amin'ny biletà tokana, hono, ireto olona folo ireto ary tonga dia nanohitra ny maha kandidà izay nanary ny zom-pirenena malagasy. Toa tsy mahatsapa ny olona toy itony, fa azo antoka fa ny eo amin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao dia tsy miraharaha na inona na inona ary tsy menatra ny hanitsakitsaka ny lalàna velona rehetra, ka raha izay no nataon'ny Vondron'ny Kandidà dia tsy afaka nihetsika izy ireo ary tsy nanana antony mitombona nentina nanohitra ny fifidianana, satria toy ny olompirenena tsotra rehetra. Tsy takatr'ity mpahay lalàna, minisitra tamin'ny tetezamita sady efa kandidà ho filoham-pirenena ary nanohitra izao fitondrana izao ity koa ve fa tsy nisy fotoana nampijoro ity Vondron'ny Kandidà ity raha tsy nametraka ny antontan-taratasy izy ireo. Hitam-poko, hitam-pirenena fa mitombona ny fitakian'izy ireo ary resy lahatra ny olompirenena Malagasy rehetra, ka manohana azy ireo kanefa dia famahanana baomba mandatsa-dranomaso sy fandratrana ary fisamborana no asetrin'ny "mpitondra" ny fitakiany. Nisy minisitra teo aloha ihany koa niakatra an-tsehatra tao amin'ny fahitalavitra iray, ka nilaza fa betsaka hono ny zava-bitan'i Andry Nirina Rajoelina nandritra izao telo taona farany nitondrany izao na dia tsy afaka nanao na inona na inona aza izy roa taona noho ny covid 19. Tsy hita tabilao ity mpanao politika ity nandritra ny fotoana lava ary entanin'ny fanantenana, fa mbola hiverina eo amin'ny fitondrana ity filoham-pirenena teo aloha ity ka azony antoka fa ho anisan'ny ho lohandohany ao amin'ny fitondrana izy. Raha izao tranga rehetra eto amin'ny Firenena izao dia azo inoana fa tsy hisy ny fifidianana ny 16 novambra 2023 izao na hanao hamboletra aza Andry Nirina Rajoelina sy ny forongony satria tsy hanaiky izany, ankoatry ny Vondron'ny Kandidà sy ny olompirenena manaraka ny Hetsika Fotsy, ireo nanaiky hidinika an-databatra boribory eny amin'ny Antenimierampirenena. Hibaribary eo ny fitadiavan'izao fitondrana izao hamotika ny Firenena sy hamoritra ny Malagasy.

**Andry Tsiavalona**

Misaona ny Antenimierampirenena

# Nodimandry ny depioten'i Faratsiho Papasolo



*Ny filoha lefitry ny Antenimierampirenena sady depioten'i Faratsiho Rasolonjatovo Honoré, na Papasolo.*

Misaona ny Antenimierampirenena, nodimandry omaly, ny filoha lefitry ny Antenimierampirenena amin'ny Faritanin'Antananarivo, sady depioten'i Faratsiho Rasolonjatovo Honoré na Papasolo. Tratran'ny tsy fahasalamana tampoka izy, ka niditra hopitaly afak'omaly hariva, tsy tana anefa ny ainy nandritra izany. Ny 09 oktobra teo no nahitana azy farany niaraka tamin'ireo depiote namany, raha tonga nanatevindaharahana ny hetsika fotsy tarihin'ny collectif des candidats ny tenany. Ankoatra ny maha- olom-boafidy azy, mpandraharaha ara-toekarena ny depiote Papasolo : eo amin'ny sehatry ny varotra ambongadiny ary eo amin'ny sehatry ny fizahantany ihany koa. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mitondra ny teny fampionona ho an'ny fianakaviana, ny Antenimierampirenena, ary ireo akaiky azy rehetra.

**Isambilo**

RAVALO, KANDIDÀ, DEPIOTE, OLOM-BOAFIDY, FIANAKAVIANA,…

# Avoahay depiote Fetra, tsy ara-dalàna ny fitazonana azy

Sokajin'olona maro samihafa amin'izao fotoana no miantso ny hamotsorana an'i depiote Fetra Ralambozafimbololona, filohan' ny vondrona parlementera TIM, voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-5, satria tsy ara-dalàna sy tsy ara-drariny ny fisamborana azy teny Mahamasina hoy izy ireo. Miantso koa izy ireo ny hamotsorana ireo rehetra voasambotra no ny Hetsika Fotsy, hetsika am-pilaminana: mangataka ny hamoahana ny solombavambahoaka Fetra Ralambozafimbololona, sy ireo olona voasambotra rehetra nandritra ny hetsika fotsy izay efa nogadraina ny kandidà filoha Marc Ravalomanana. Mitaky ny hamoahana azy tsy misy hatak'andro koa ny fianakaviany. Nanao fanambarana teny Analamahitsy ny fianakavian'ny Solombavambahoaka Fetra Ralambozafimbololona, voafidy tao amin'ny Boriborintany faha-5, mitaky ny hamoahana tsy misy hatak'andro ity olomboafidy ity izy ireo, izay nosamborina tamin'ny fomba tsy ara-dalàna, toy ny olon-dratsy, nandritra ny hetsika teny Mahamasina. Manameloka ny fisamborana an'ny depiote Fetra Ralambozafimbololona koa ny kandidà Siteny Randrianasoloniaiko. Nilaza izy fa:"manameloka tanteraka ny fisamborana an'i Honorable Fetra Ralambozafimbololona, sy ireo olona nitolona rehetra miaraka amin'ny Collectif des Candidats ny tenako. Mitaky ny famoahana azy ireo tsy misy hatak'andro aho, ary mangataka ny fampitsaharana ny fampiasankery sy fandatsahan-drà atao amin'ny Vahoaka. Tena efa tsy rariny intsony izao fahasahian'ny mpitondra vonjy maika manamafy ny jadona eto Madagasikara izao," hoy ity kandidà ity. Ireo depiote, sy ireo olom-boafidy avy amin'ny antoko TIM koa dia miantso ny famotsorana ny depiote Fetra Ralambozafimbololona tsy misy fepetra, tsy ara-dalàna hoy izy ireo ny fisamborana depiote mandritra ny fotoam-pivoriany.



*Anisan'ny mitaky ny famotsorana ny deiogte Fetra R. ny kandidà filoha Marc Ravalomanana.*

**Stefa**

## TONONKALO

### Tsy afany ny fanadinana

Tsisy zavatra foronina fa miparitaka ny sary,
Ny amin'ny zavatra nataon'ireo bebaoty sy zandary.
Misy ny tsy mahafehy ireo fitaovana ampiasainy,
Hany ka dia maro ihany iretsy olo-noratrainy !

Iretsy lohany aminy aza, tena mampiteny irery
Fa toa tsy mahay manavaka ny herisetra sy ny hery !
Handrava hetsika no atao kanefa indrisy tsy voafehy,
Fa bala no indro misavoana sy mandavaka tarehy !

Nanampy trotraka ary tena nanamaizina ny sary,
Ny fisian'ireo « be sandry » izay niseho mibaribary
Fa nanendaka finday kanefa dia voaaro hatrany,
Namana mpanao gazety no voaroba tamin'izany !

...Izany hono no ambara fa mpitandro filaminana !
Raha tsaraina dia mazava : tsy afany ny fanadinana.
Tena mila mianatra izy : sarobidy anie ny aina,
Ka mba misy ihany dingana ny amin'ny zavatra ampiasaina !

**IRINA HO TAFITA (10-11-23)**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mihary A.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanakanana nataon'ny herim-pamoretana ny tobin'ny zandary teny Fiadanana ny alakamisy hariva teo.





Ireo anisan'ny mpitarika ny fikaondandoha ho fikatsaham-bahaolana amin'ny raharaham-pirenena teny Tsimbazaza, notarihan'ny filohan'ny Antenimierampirenena sy ny FFKM.









Ny fianianana nataon'ireo Peace Corps Amerikana tany Mantasoa ny alakamisy teo.





## NY TENY FIAINANA

*"Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana tanteraka rehetra dia avy any ambony ka midina avy amin'ny Rain'ny fanazavana, Izay tsy misy fiovaovana na aloka avy amin'ny fihodinana."*
***Jakoba 1:17***

### Barea sy ny "Coupe du Monde 2026"

# Mpilalao vaovao roa indray no nantsoina

Hita tao anaty pejy tambazotran'ny FMF "Federation Malagasy de Football", fa mpilalao vaovao miisa roa indray no nantsoin'ny coach Rôrô hanatevin-daharana ny ekipan'ny Barea de Madagascar. Handeha hiatrika ny fifanintsanana andro voalohany hahazoana miatrika ny "Coupe du monde de Football 2026", hatao any Kumasi Ghana sy any Oujda Maroc (Tchad) amin'ny faha-17 sy faha-20 novambra 2023 ho avy izao dia Rakotovazaha Allan mpilalaon'ny Real Star Fc B France sady efa mpilalaon'ny Barea U23 teo aloha, izay hanolo toerana an'i Nina noho ny ratra mahazo azy, sy Randriamanampisoa Elysée Tony Nantenaina, mpilalaon'ny Elgeco Plus.

***Rainilita***



*Rakotovazaha Allan sy Randriamanampisoa Elysée Tony.*

### Rakotonandrasana Dominique

# Nodimandry teo amin'ny faha-53 taonany

Misaona ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy indrindra ny taranja baolina kitra manokana, nodimandry teo amin'ny faha-53 taonany tamin'ny alakamisy 09 novambra 2023 teo ilay mpiandry harato ny ekipam-pirenena malagasy teo aloha : Scorpions de Madagascar sy Club M, tamin'ny taona 1990 sy 2000, izay nisahana an'ity fiandrasana harato ity nandritra ny 26 taona (1989-2015), Rakotonandrasana Dominique. Tao amin'ny ekipan'ny BTM Taolagnaro no nanombohany nisongadinana teo amin'ny sehatry ny baolina kitra, avy eo nilalao tao amin'ny BTM Antananarivo fony faha-Ravelomanantsoa Claude izy ary efa nandray anjara tamin'ny fifanintsanana hahazoana miatrika ny "Coupe du monde de Football 2000". Anisan'ireo mpilalao efa niaraka taminy ry Rasoanaivo mirahalahy, Ralaitafika Claude Kely, Razafindrakoto Mamisoa, Radafison Jimmy, Rajaonarisamba Franck, sns… Efa nanatevina ny ekipan'ny DSA "Domoinan'i Soavina Atsimondrano" niatrika ny fifaninanana afrikana ihany koa izy tamin'ny fotoanandrony ary niditra tao amin'ny ekipan'ny Stade Olympique de l'Emyrne Analamanga tamin'ny taona 2015 nanorina niaraka tamin'ireo mpilalao tanora niaraka taminy ny ekipa mafy orin'Antananarivo. Tao amin'ny tontolon'ny Beach Soccer no niseharan-dRakotonandrasana Dominique farany nialohan'ny tsy nanaovany fifaninanana kitra intsony. Mitondra teny fampiononana hoan'ny fianakaviany izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, miombona alahelo sy mirary fiononana feno hoan'ny ankohonana nilaozany ary koa hoan'ny fianakaviany manontolo sy hoan'ireo namana nifanerasera taminy ary hoan'ny tontolon'ny fanatanjahantena malagasy amin'ny ankapobeny, sy hoan'ny tontolon'ny baolina kitra manokana.

***Rainilita***



*Ekipam-pirenena Malagasy nisy an-dRakotonandrasana Dominique*

### Uefa Champion's Leauge 2023/2024

# Anisan'ny mitarika an'isa ny Bayern Munich sy Manchester City




*Mpilalaon'ny Real de Madrid 2023.*

Fantatra avokoa ankehitriny ireo ekipa mitarika an'isa vonjimaika isambondrona, taorianan'ny andro faha-4 ny fifaninanana natao tamin'ny talata 7 sy alarobia 8 novambra 2023 lasa teo amin'ny UEFA champion's league. Vondrona A : mitarika ny Bayern Munich manana isa 12 (+5), Vondrona B : Mitarika ny Arsenal manana isa 9 (+6), Vondrona C : Mitarika ny Real Madrid manana isa 12 (+6), Vondrona D : Mitarika ny Real Sociedad manana isa 10 (+5), Vondrona E, ny Atletico de Madrid no mitarika an'isa vonjimaika 8 (+7), Vondrona F, mitarika an'isa vonjimaika ny Borussia Dortmund manana isa 7 (+1), Vondrona G, ny Manchester City manana isa 12(+9) no mitarika an'isa vonjimaika, Vondrona H, mitarika an'isa 9 (+6) vonjimaika ny Fc Barcelone. Vokatry ny andro faha-4 : Bayern 2 – 1 Galatasaray, Fc Copenhague 4 - 3 Manchester United (A), Arsenal 0 – 0 Séville Fc, Psv Eindhover 1 – 0 Lens (B), Naples 1 – 1 Union Berlin, Real Madrid 3 – 0 Braga (C), Real Sociedad 3 – 1 Benfica, Rb Salzbourg 0 – 1 Inter Milan (D), Atlético de Madrid 6 – 0 Celtic Glasgow, Lazio Rome 1 – 0 Feyenoord Rotterdam (E), Borussia Dortmund 2 – 0 Newscastle, Ac Milan 2 – 1 Paris-Sg (F), Manchester City 3 – 0 Young Boys Berne, Etoile Rouge Belgrade 1 – 2 Rb Leipzig (G), Chakhtior Bonetsk 1 – 0 Fc Barcelone, Fc Porto 2 – 0 Royal Antwerp. Marihana fa amin'ny talata 28 sy alarobia 29 novambra ho avy izao indray no hanatontosana ny andro faha-5 amin'ity fifaninana ity.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy poireau indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ridritra izany, na atao ketsaketsa ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fitsaboana aretim-bavony

Fomba natoraly fitsaboana aretim-bavony indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Alaina ny sakay pilokely miisa 6 tonga dia atelina. Tsy tsakoana fa alefa avy hatrany. Tsy misy effet secondaire.




## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Antetezambaro distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Antetezambaro distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antetezambaro ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Lalovan'ny lalampirenena faha-5 ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny voankazo toy ny letchi ny manga, ny akondro, ny soanambo, ny ampalibe. Ankoatra ny mpamboly sy mpiompy, misy mpanjono koa ny mponina any Antetezambaro, misy koa ireo mpanao asa tanana.



VOVONANA HARY ELATRA

# Tokony hiverina amin'ny tany tan-dalàna ny firenena hisian'ny fitoniana

Naneho hevitra mahakasika ny raharaham-pirenena ny Vovonana Hary Elatra, nambaran'izy ireo nandritra izany fa tokony hiverina amin'ny tany tandalàna ny firenena hisian'ny fitoniana. Nanambara koa ny ao amin'ity vovonana ity fa: mitombo hatrany ireo tsy fanarahan-dalàna eto amintsika, mahazo vahana ny hery famoretana, mitongilana ny HCC, tsy tomombana ny CENI, manjaka ny fahatapahan-jiro sy ny tsy fandriampahalemana eto amin'ny firenena.



Ny avy amin'ny Vovonana hary Elatra.

Noho izany : takian'izy ireo ny hanadiovana ny fikarakarana rehetra mikasika ny fifidianana ary tsy tokony hirotsaka ireo kandida tsy nahafeno ny fepetra. Tohanany ny hevitra rehetra hiverenan'ny tany tan-dalàna mba hisian'ny fitoniana. Manao antso avo amin'ireo hery velona rehetra na iza izany na iza, handroso vahaolana manoloana izao loza mitatao eto amin'ny firenena izao izy ireo. Manan-jo haneho hevitra ny olona, olana ara-politika no misy, ka tokony vahaolana ara-politika no hamahana izany.

*Isambilo*

Peace Corps Amerikana

# Nanao fianianana ny andiana mpilatsaka an-tsitrapo vaovao

Nanao fianianana ny andiana mpilatsaka an-tsitrapo vaovao, ao amin'ny Peace Corps, na Corps de la Paix Amerikana miasa eto Madagasikara. Manamarika ny 30 taona niasany teto amintsika koa izy ireo. Ho an'ireo mpilatsaka an-tsitrapo vaovao miisa 20 nanao fianianana afak'omaly, teo anatrehan'ny Ambasadaoro Amerikana Claire Pierangelo tany amin'ny foibe fiofanan'ny Peace Corps tany Mantasoa distrikan'i Manjakandriana dia izao no nanamarika sy namarana ny fiofanana izay natrehany nandritra ny 10 herinandro. Nianaran'ireo mpilatsaka an-tsitrapo ireo talohan'izao fianianana izao ny teny Malagasy sy ny kolontsaina ary ny teknikampambolena. Samy hamonjy ny toerana hiasany amin'ny faritra samihafa eto Madagasikara izy ireo avy eo ary hiasa mandritra ny roa taona.

Hiara-hiasa akaiky amin' ireo tantsaha sy fikambanana tantsaha, fikambanana misahana ny fampandrosoana ambanivohitra sy sekoly ary amin' ny ny fiaraha-monina hanatsarana ny fomba fambolena sy ny fanjariana ara-tsakafon'ny vahoaka Malagasy ireo mpilatsaka an-tsitrapo ireo. Hiarahiasa amin'ireo mponina eny ambanivohitra ihany koa izy ireo, sy hizara teknika vaovao hanatsarana ny fambolena sy hiarovana ny tany, ary hiezaka ny hampitombo ireo sakafo isan-karazany sy mahavelona afaka sitrahan'ny mponina.

Hoy ny Ambasadaoro Pierangelo nandritra ny lanonana: "Ny fianianana ataonareo dia manamafy ny fahavononanareo hisolo tena an'i Etazonia eto Madagasikara. Manamafy ihany koa ny fahavononanareo hiatrika fanamby maro izay hampitomboin'ny fahasamihafan'ny kolontsaina. Araraoty izao traikefa izao hanovanareo ny fiainanareo sy ny famaritanareo ny ho avinareo."

Nanambara ny Talen'ny Peace Corps eto Madagasikara Mariah Cisse, fa manana andraikitra lehibe eo amin'ny fanentanana ireo mpiara-monina ny mpilatsaka an-tsitrapo, mba hampisy akony ny fampandrosoana eo antoerana. "Ireo mpilatsaka an-tsitrapo dia miaramiasa mivantana amin'ny mponina, ny tantsaha, reny sy ny zaza ary ny rafitra ara-pahasalamana, mba hahazoan'izy ireo ny filana sy hetahetan'ireo olona izay hiarahan'izy ireo miasa sy monina. Izany fiaraha-miasa isan' andro izany no ahafahan'ireo mpilatsaka an-tsitrapo sy ny mponina mitondra fiovana miabo amin'ny fomba mivantana sy ahafahan'izy ireo mandray anjara amin'ny fifanakalozana ara-kolontsaina hampiroboroboana ny fandriampahalemana sy ny firahalahiana erantany," hoy izy.

Miisa 52 ankehitriny ireo mpilatsaka an-tsitrapo, avy ao amin'ny Peace Corps miasa eto Madagasikara ary misehatra, eo amin'ny tontolon'ny fanabeazana sy fambolena ary fahasalamana. Hatramin'ny nitsanganan'ny Peace Corps teto Madagasikara ny taona 1993 dia mihoatra ny 1 574 ireo mpilatsaka an-tsitrapo niasa teto amintsika.

Ny Peace Corps, izay naorin'ny Filoha Amerikana John F. Kennedy ny taona 1961, dia mariky ny fahavononana hampiroborobo ny fandriampahalemana sy ny firahalahiana manerana izao tontolo izao tato anatin'ny 50 taona izay. Ara-tantara dia efa mihoatra ny 200.000 ny isan'ireo Amerikana efa nilatsaka an-tsitrapo tato amin'ny Peace Corps, hampiroboroboana ny fifanakalozana eo amin'ny Amerikana sy ny mponina amin'ireo firenena 139 izay nampiantrano azy ireo. Amin'izao fotoana izao dia maherin'ny 7 000 ny isan'ireo mpilatsaka an-tsitrapo miasa amina firenena miisa 60 mahery manerana izao tontolo izao.



Ny fianianana nataon'ireo Peace Corps Amerikana vaovao hiasa eto amintsika mandritra ny roa taona.

*Aly*

Kick Boxing- "Combat Avenir"

# Rahampitso alahady etsy Mahamasina

Hikarakara fifaninanana kick boxing "Combat Avenir", etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina rahampitso alahady 12 novambra 2023, hanomboka amin'ny 10 ora maraina, ny ekipan'ny LION FORCE kick boxing, tarihan'ny filoha mpanorina azy dia i Maître Boto Gilbert. Hampisongadina ny haavo teknika ny hetsika ho karakarainy, toy ny mahazatra azy ireo ity ekipa ity amin'io rahampitso io, ka ho 5000 Ar ny fidirana amin'ny tapakila tsotra ary ho 15000 Ar kosa ny tapakila famandrihana.

*Rainilita*



Kick Boxing malagasy.

Warren Zaïre-Emery mpilalao 17 taona

# Nantsoin'i Didier Deschamps handrafitra ny Coq Sportif

Hita tao anaty lisitr'ireo mpilalaon'ny ekipam-pirenen'ny baolina kitra frantsay « Coq Sportif », navoakan'ny mpanazatra Didier Deschamps, tamin'ny alakamisy 09 novambra teo, hiatrika ny fifanintsanana indroa miantoana hahazoana miatrika ny fifaninanana Uefa Euro 2024, hikatrohan'ny Telo Soratra Frantsay amin'i Gibraltar amin'ny 18 novambra ho avy izao, sy amin'i Grèce amin'ny 21 novambra 2023 ihany koa, ilay mpilalao tanora dia tanora vao 17 taona monja, Warren Zaïre-Emery, milalao ao amin'ny ekipan'ny PSG ankehitriny. Marihana fa ny ekipam-pirenena frantsay dia efa tafita hiatrika an'ity fifaninanana hatao any Allemagne ity hanomboka amin'ny 14 jona ka hatramin'ny 14 jolay 2024, fa ny hahazoana ny loha-lisitra « tête de série » amin'ny antsapaka hatao amin'ny sabotsy 2 desambra 2023 any Elbphilharmonie Hambourg Allemagne amin'ity fifaninanana ity no imasoany amin'ireo lalao roa ireo.

*Rainilita*



Warren Zaïre-Emery.

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 04/11/2023 hatramin'ny 11/11/2023**

- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 54032/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1493-11-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**AMORON'I MANIA, MATSIATRA AMBONY, IHOROMBE**

## 10 taona niarahana niasa tamin'ny tantsaha ny Formaprod

10 taona niarahana niasa tamin'ny tantsaha ny Formaprod tany amin'ny faritra Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony ary Ihorombe. Nanomboka tamin'ny taona 2013 no nisian'ny Fandaharanasa Formaprod, niasa nanerana ny faritra maro manerana an'i Madagasikara. Nanohana ara-pitaovana sy arapiofanana ireo tantsaha mpamboly sy mpiompy, indrindra ireo tanora eny ambanivohitra, mba ho lasa mpandraharaha matihanina amin'ny seha-pamokarana sy hahaleotena ara-pivelomana no tena nimasoany. Amin'ireo faritra 13 izay niasan'ny fandaharanasa dia tsapa ny fifanohanana. Fantatra nandritra ny fivoriana natao tamin'ny 08 sy 09 novembra 2023 lasa teo, fa miisa 11.000 ireo mpahazo tombon-tsoa avy tamin'ny tetikasa tao amin'ireo faritra 3 ireo. Manampy ny tantsaha amin'ny fampitomboana ny vokany, sy ny fampakarana ny faripiainany tokoa ity fandaharanasa ity.

***Aly***

Lalampirenena faha-4

## Kamiao mpitondra omby nivadika

Kamiao iray mpitondra omby no nivadika tamin'ny lalampirenena faha-4 iny omaly. Kamiao nitondra omby 25 ity fiara vaventy ity, tra-doza tao Soaniadanana distrikan'Ankazobe. Omby miisa 2 tamin'ireo 25 nentiny no fantatra fa maty nandritra izao lozam-pifamoivoizana izao. Mety ho fandehanana mafy, na noho ity kamiao ity nitondra vesatra ny tokony ho zakany no nambaran'ireo olona tany an-toerana fa mety nahatonga ny loza. Efa manao ny fanadihadiana sy ny famotorana mahakasika ny antony nahatonga ny loza ankehitriny ireo mpitandro ny filaminana any amin'ny distrikan'Ankazobe.

***Niaina***



*Ilay fiara lehibe nitondra omby nivadika.*

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

## Manana adidy lehibe ny kristiana sy ny olom-pirenena amin'ny firenena


Raha ny ambaran'ny Soratra Masina, dia kristiana tsy tokony hiharoharo amin'ny ratsy, fa hanavaka ny tenany amin'ireo mpanao ratsy. Ny kristiana dia mila mijoro ho môdely eo anivon'ny fiaraha-monina, fa tsy izy indray no haka tahaka ny fanaon'izy ireo izay rakotry ny fahalovana sy ny haratsiana amin'ny endriny samihafa. "Aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao…", hoy ny hafatry ny Soratra Masina amin'izy ireo. Raha manome môdely amin'ny mpiaramonina, dia mitaky zavatra be dia be izany, indrindra mety hisy sedra sy fitsapana maro samihafa. Mety hisy fanakianana sy fitsikerana mafy mbamin'ny fanesoesoana aza izany avy amin'ny mpiara-monina isan-tsokajiny. Lasa lavitra loatra mantsy ilay fahasimban'ny fiaraha-monina ankehitriny, ary iaraha-mahita sy miaina tsara izany. Izay olom-pirenena mihevitra ny hitondra anjara biriky, ka mikatsaka hanao zavatra tsara, hitondra soa hoan'ity firenena ity matetika no saika voaenjika hatrany. Ny ratsy no mitady hahazo laka eto ka hanome leson-dratsy ny taranaka hoavy. Misy sokajin'olom-bitsy tena mifofotra manao izay hanapariahana izany seho ratsy izany, ary tsy mijery afatsy ny amin'izao fotoana iainany izao ihany. Tsy olana ho azy izay hiseho any aoriana any. Maneho miandalana fahapotehan'ny firenena izany toe-javatra izany, ka tsy tokony hotazanim-potsiny amin'izao. Tsy afaka hihataka amin'izao tontolo izao ihany koa anefa ny kristiana fa mijanona eo anivony ihany. Efa nampahafantarin'i Jesoa Kristy azy ireo rahateo ny miandry azy ireo, fa tsy mora akory. Tsy maintsy manao ny asa nanirahana azy ireo araka izany ny kristiana. Izay indrindra no nahatonga ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) nanapa-kevitra ny hitondra ny anjara birikiny hanavotana ity firenena ity. Efa misy ny asa maro nataony ary mbola mitohy izany mandraka ankehitriny. Ny andrasany dia ny fijoroan'ny olom-pirenena handray andraikitra miaraka aminy. Tsiahivina hatrany fa ny AFK dia tsy fiangonana ary tsy manao politika. Fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 449**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0448)


***Mitsivalana***

- Manoroka
- Avy
- Ilaozana
- Maria – AN
- BOA – Neny
- Kianja
- Hao – soa (miv)

***Mitsangana***

- Maimbo
- Lao
- Niaraka
- Ol – lo
- Razana
- Ova – Ena
- Kinanjo
- Saina (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 449




**Mitsivalana**

**1.** Firavaka – Naoty **2.** Zava-maniry – Lavon'ny toaka (miv) **3.** Notapahina, nolaniana **4.** Midaboka, mianjera (miv) – Tampisaka **5.** Hita ao amin'ny alamo – Làlam-pirenena **6.** Foto-tenin'ny atrehina **7.** Didim-poitra **8.** Taova – Azo amin'ny vorona **9.** Be taona **10.** Tanàna malaza – Matoanteny

**Mitsangana**

**A.** Fitafiana manja **B.** Marika – Karazana valizy (miv) **D.** Valam-parihy hoy ny tantara **E.** Omby (miv) – Marina – Renintsoratra mitovy **F.** Lany tanteraka – Mpanondro **G.** Tovona (miv) – Doro tanety (miv) **H.** Hita ao amin'ny laoka – Sokatra tsy misy lohany **I.** Tovona – Volana maro (miv) **J.** Lio – Ariary – Sakoroka (BR) **K.** Tsiahy – Menaka

### Valiny Teny mifanaraka 0448

**Mitsivalana**

**1**. Milaza - Osa **2**. Hova (miv) - Elo (miv) **3**. Matio - Ario **4**. Avotra **5**. Irahinao **6**. Dina - Anosy (miv) **7**. Roa - Ma - Sa **8**. (F)it(o) - Mahitsy **9**. Variana **10**. Adino - Lafo

**Mitsangana**

**A** Mamandrika **B**. Vavy (miv) - Toy (miv) **D**. Lotoina - VI **E**. Ahitra - Man **F**. Ora - Maro **G**. Ao - Ahiady **H**. Là(lana) - Si (miv) - Lay (miv) **I**. Antsonareo (miv) **J**. Fasana (miv) **K**. Avokoa

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Dinika fikatsaham-bahaolana momba ny raharaham-pirenena teny Tsimbazaza omaly, notarihan'ny filohan'ny Antenimierampirenena sy ny FFKM.**















